
# Fitsanganana amin'ny maty

Vakio ny Almà 40:2–5, 23–24 mba hahitana ny zavatra nampianarin'i Almà an'i Kôriantôna. Avy eo dia ampiasao ireto loharano manaraka ireto mba hanampy anao hanomana kokoa ny zavatra hampianarinao.

Almà 11:42–45

Torolalana ho an'ny Soratra Masina, "Fitsanganana amin'ny maty," scriptures.ChurchofJesusChrist.org

Nampianatra toy izao ny Filoha Dallin H. Oaks ao amin'ny Fiadidiana Voalohany:



Mankalaza ny fisian'ny Fitsanganana amin'ny maty isika amin'izao vanim-potoan'ny Paska izao. Izany dia manome antsika fomba fijery sy tanjaka ahafahana mahazaka ireo olana eto an-tany atrehantsika tsirairay sy atrehan'ireo olon-tiantsika, toy ny tsy fahatomombanana ara-batana na ara-tsaina na ara-pihetseham-po lovaintsika hatrany am-bohoka na azontsika mandritra ny fiainantsika eto an-tany. Noho ny Fitsanganana amin'ny maty dia fantatsika fa izany tsy fahatomombanana iainana eto an-tany izany dia mandalo fotsiny ihany! (Dallin H. Oaks, "Ilay drafitra lehibe," *Liahona*, mey 2020, 94–95)

Omano ny fomba hanazavanao valiny amin'ireto fanontaniana manaraka ireto:

- Inona no atao hoe fitsanganana amin'ny maty? Iza no hitsangana amin'ny maty?
- Araka ny Almà 40:2–3, inona no mahatonga ny Fitsanganana amin'ny maty ho zavatra mitombina?
- Ahoana no ahafahan'ny fahalalantsika ny Fitsanganana amin'ny maty mitahy antsika mandritra ny fiainantsika etỳ an-tany?

Rehefa mampianatra dia ataovy mazava tsara fa noho i Jesoa Kristy nitsanganana tamin'ny maty, isika rehetra dia hitsangana amin'ny maty ihany koa. Mizarà antony iray ankasitrahanao ny fampanantenana momba ny fitsanganana amin'ny maty.

NY FIANGONAN' I
JESOA KRISTY
HO AN' NY OLOMASIN' NY
ANDRO FARANY

© 2023 an'ny Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved. PD60013873_654_321-teacher_handout-2